# Aza atsahatra amin'ny fahatsiarovana an'I Allah ny lelanao

Tatitra azo avy tamin'i Abdollah bin Bosri (R.A) fa nisy lehilahy iray niteny hoe : Ô ry irak'Allah! Efa nihamaro sy mavesatra amiko ny lalàna islamika, ka lazao zavatra hataoko aho izay hifikirako mafy, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : "Aza atsahatra amin'ny fahatsiarovana an'I Allah ny lelanao".
[Mari-pototra] [Notantarain'i al-Tirmizì sy Ibn Màjah ary Ahmad]

Nitaraina tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ny lehilahy iray fa ny fanompoam-pivavahana an-tsitrapo dia nitombo loatra ka tsy afaka nanao izany noho ny fahalemeny izy, avy eo nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) mba hitarika azy ho any amin'ny asa tsotra izay hitondra valisoa lehibe ho azy izay hifikirany sy hazoiny tsara. Koa nitari-dàlana azy ny Mpaminany (S.A.W) mba hihazona ny lelany malefaka sy mihetsika amin'ny fahahatsiarovana matetika an’I Allah amin’ny fotoana sy ny toe-javatra rehetra. Toy ny fiderana, fisaorana, fitadiavana famelan-keloka, fitalahoana, sy ny hafa ankoatr'izany.



النجـاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee